

LALA ROA

(Tohiny)

Efa naneno fanindroany ny anjom-bona ... io izy eo ihany.... Haninona eo? Asa efa manopy maizina ny andro; ny somambisamby efa mame-latra ny voaly manjany avy ery an-tampon-kavoana; mampirifiry ny an-dro. ... inay misy manavy mikiaka any ho any ny rivotra mitondra ny akon' ny hiran' ny ankizy ery am-bohi-tra lavidavitra izy eo ihany manontany ny manodidina.

Kakeriny ny molony, avonkony ny tanany ketohin' ny fanala; ary aka-riny tandrifin' ny vavany mifify' izay itetevan' ny tsemboka madity avy amin' ny handriny hatsatra, hitsobo-lobolohan' ny volony ahofahotan' ny rivotra....

Maninona eo izy? Nahoana no tsy mba nandeha? Asa!

Efa tapitra mihitsy ny olona; izy irery sisa.... efa antomotra ny alina; mangina hatraiza hatraiza? saro i aizina ny tany, ary efa misy kintana vitsivitsy miseho.... Io ny aloany mbo-la eo ihany, maningana eo anatin' ny alina hoatry ny matoatoa....

Iny kosa, nisy aloka hafa miseho tampoka, moramora... nandroso, tsy nandefa ata-tsy fisaosaokaon' ny pan-totany amin' ny simenitra.

Nandroso ihany io.... tsy nahita azy .. tsy hitany; nandroso na-naraka ny rindrina. dia niato tery amin' ny zoron-trano iray — Mpan-drehitra jiro fanala io.

Nony niverina io dia nivily lalana ka nahadona azy.... taitra izy, ary nianjera ny zavatra teny an-tanany.

A! olona izany?... Maninona eto hianao, Ramatoa?»

Fa feo mifendrofendro no reny:

— «Maty aho re! Ny voninkazo ho azy! Ny voninkazo ho azy!»

Fa maninona eto Ravehivavy ity? hoy ilay «mpandrehitra fanala.» Ma-ninona eto alina irery toy izao hianao, nefa efa amiu' ny valo sy sasany izao!» sady nofihiny tamin' ny zo-ron-dambany izy.

Amin' ny valo sy sasany! amin' ny valo sy sasany! hoy izy, toa very fanahy.

— Maninona eto hianao e?

— «Avelao aho handeha re, ry Ingahy, fa alina o!» hoy izy, niondri-ka mafy naka ny voninkazo nianjera.

— «Tsy mahazo mandeha hianao, raha tsy lazainao ny maha-eto anao alim-be izao!» hoy ilay ingahy, tonga vinitra.

— «Tano re ho anao ny lambako raha tianao, fa tsy hilaza ny secret-ko aho!» hoy izy, nrintona mfy dia lasa nandositra.

Gagagaga foana Rangahy; ny zoron-damban' ilay vehivavy no sisa teny an-tanany, fa izy efa lasa lavitra.

Niantso namana izy, nefa efa mai-